REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY FITATERANA
SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

ANTOKON-DRAHARAHA MISAHANA
NY FITATERANA AN-TANETY

FAMELABELARAN-KEVITRA HO AN'NY MPANAO GAZETY
TAORIAN'IREO LOZAM-PIFAMOIVOIZANA IZAY NITRANGA
NIALOHA SY NANDRITRA NY FETIN'NY KRISMASY 2014

(Zoma 26 desambra 2014, Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro)

Ny volana Desambra (fotoam-pialan-tsasatry ny Noely) sy ny volana Aogositra (ao anatin'ny fotoam-pialan-tsasatra lehibe) ary ny volana Aprily (fotoam-pialan-tsasatry ny Paska) no fotoana tena maha betsaka ny fivezivezena an-tanety, na an-tanan-dehibe izany, indrindra fa eny amin'ny lalam-pirenena. Manodidina ny 37% izany fiakarana izany ho an'ny Zotra Nasionaly mankany amin'ny tapany atsimon'ny Nosy, ary tafakatra 100% izany ho an'ny Zotra Nasionaly miankandrefana mankany Mahajanga (taona 2013).

Toby fiantsonana	Desambra	Janoary	Fitomboana
Fasanikarana (Zotra Nasionaly)	4 058	2 958	37 %
Aranta Mahajanga (Zotra Nasionaly	1 298	650	100 %

Mandritra ireo fivezivezena ireo, dia betsaka ny olona no mandray fiara fitateram-bahoaka. Nandritra ny taona 2013, dia miisa 16.548 ireo fiara fitateram-bahoaka izay voaisa ara-dalana ao amin'ny Antokon-draharaha misahana ny Fitaterana an-tanety (ATT) fa manana taratasy hahafahana manao asa fitateram-bahoaka eto Madagasikara :

	Zotra Nasionaly	Zotra Rezionaly	Zotra manodidina ny renivohitra	Zotra an-tanan-dehibe	Totaliny
Totaliny	4 449	5 402	3 772	2 925	16 548

Amin'ny fotoana maha-betsaka ny fivezivezena an-tanety anefa dia mitombo ihany koa ny trangana lozam-pifamoivoizana, ary betsaka amin'ireo no ataon'ny fiara fitateram-bahoaka.

Manoloana izany dia misy toromarika sy fepetra enina (6) izay efa noraisin'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro miaraka amin'ny Antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety ATT :

1. Fanentanana ny mpampiasa lalana rehetra fa izay **T**onga **S**oa **I**hany no **A**rahabaina "Opération" TSIA …;
2. Fitsirihana ny fiara mialoha ny fiaingana "système de contrôle au depart" izay napetraka ao amin'ny Tobim-piantsonana fiara fitateram-bahoaka ao amin'ny Fasanikarana (RN7), Ambodivona (RN4) …;

3. Fanamafisana ny fanaraha-maso ny fanomezana taratasy fahazoan-dalana manokana ho an'ireo fiara fitateram-bahoaka izay hitondra olona ivelan'ny lalana mahazatra azy "Autorisations Spéciales";
4. Fisintonana avy hatrany ny taratasy fahazoan-dalana hitondra fiara ho an'ny mpamily " Retrait du Permis de Conduire du Chauffeur" sy ny taratasy fahazoan-dalana hitrandraka zotra ho an'ny fiara "Licence d'exploitation du véhicules" nanao lozam-pifamoivoizana;
5. Fampiatoana ny fanomezana taratasy fahazoan-dalana samihafa ho an'ireo fiara ao anatin'ny Koperativa izay nanao lozam-pifamoivoizana;
6. Fitoriana ireo mpamily sy tompona fiara izay nanao lozam-pifamoivoizana naharatrana olona sy namoizana ain'olona ka voaporofo fa niniana natao.

Na dia teo aza anefa ireo fepetra enina (6) izay efa noraisin'ny Fanjakana ireo, dia mbola nisy ihany lozam-pifamoivoizana izay nataon'ny fiara fitateram-bahoaka.
Dimy (5) andro nialoha ny Krismasy 2014 ohatra dia nisy foana ny lozam-pifamoivoizana izay nataona fiara fitateram-bahoaka isan'andro teny amin'ny lalam-pirenena.

Manoloana ireo trangana lozam-pifamoivoizana ireo, ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro miaraka amin'ny ATT dia manao izao fanambarana izao :

1- Maneho ny **fiaraha-miory** amin'ny fianakavian'ireo olona rehetra izay namoy ny ainy ary **mirary fahasitranana haingana** ho an'ireo rehetra izay naratra vokatry ny lozam-pifamoivoizana nitranga nialoha sy nandritra ny fetin'ny Krismasy 2014

2- Miantso ireo **mpampiasa lalana rehetra** mba samy **hanaja ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana sy ireo fepetra rehetra mahakasika ny fitaterana an-dalam-be** na antanan-dehibe izany, indrindra fa rehefa eny amin'ny lalam-pirenena.

3- Mampatsiahy manokana ireto sokajin'olona manaraka ireto :
- Ny **mpandeha an-tongotra** mba samy hitandrina tsara rehefa mandeha eny an-dalana sy eny amin'ny arabe;
- **Ny tompona fiara/"moto"** mba hanao ny fikojakojana rehetra ilaina sy hanao izay haha ara-dalàna tsara ny taratasin'ny fiara/"moto";
- **Ny mpamily rehetra** mba samy hitandrina ary hanaja ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana, tsindriana manokana ny fanajana ny hafainganam-pandeha;
- **Ny mpandeha fiara fitateram-bahoaka** mba samy haka ireo fiara izay efa za-dalana ary hanaja ny isan'ny olona sy ny lanjan'ny entana izay zakan'ny fiara;
- **Ny Koperativa/Orinasa mpitatitra olona sy entana** mba samy haka ny fepetra rehetra manandrify azy hahafahana mitatitra ny olona sy ny entana araka ny tokony ho izy, ary hanao ho ambonin'ny zavatra rehetra ny ain'olona izay taterina.

4- Hohamafisina ny **fampiharana ireo fepetra enina (6)** izay efa noraisin'ny Fanjakana tery aloha mahakasika ny Koperativa/Orinasa mpitatitr'olona sy ny fiara fitateram-bahoaka ary ny mpamily mba ho fitsinjovana ny ain'ny mpandeha fiara fitateram-bahoaka

5- Hisy **fandaminana vaovao** ho an'ny fiara, ny tompon'ny fiara, ny mpamily, ny Koperativa/Orinasa mpanao asa fitateram-bahoaka ary ny mpandeha mba ahafahana misoroka ny lozam-pifamoivoizana. Izany dia mifanaraka amin'ny politikam-panjakana izay mikendry ny ***« Hametraka tambanjotram-pitaterana azo antoka, mahomby, manaja ny olona sy ny tontolo iainana, ao anatin'ny fampandrosoana maharitra »***

Ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro
sy ny Antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety (ATT)

dia mirary fetin'ny faran'ny taona sy taom-baovao ieren-doza ho antsika rehetra !